
**Nataon'ny Filoha**
**Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao
amin'ny Fiadidiana Voalohany



# Akory ny Halehiben'ny Hafalianareo

Tsy misy hafaliana mamy sy maharitra ela kokoa eto amin'ity fiainana ity noho ny fahafantarana fa nanampy ny hafa nandray tao am-pon'izy ireo ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny ianao. Ny fananana izany hafaliana izany no tombony azon'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra. Rehefa natao batisa isika dia nampanantena fa "hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra izay mety hisy [antsika], na dia hatramin' ny fahafatesana aza, mba hahatonga [antsika] ho voavotr'Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin' ireo ao amin' ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, ka hahazoa[ntsika] ny fiainana mandrakizay" (Mosià 18:9).

Ny mpikambana rehetra dia manaiky ilay ampahan'andraikitra nomena ny Fiangonana dia ny hitondra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy eo amin'izao tontolo izao, na aiza na aiza ary raha toa ka mbola velon'aina koa izy ireo. Ny Tompo dia nilaza izany mazava tsara: "Indro, naniraka anareo Aho ho vavolombelona manambara sy hampitandrina ny olona, ary ilaina ny olona nampitandremana mba hampitandrina ny namany" (F&F 88:81). Ireo mpitory filazantsara amin'ny fotoana feno dia natao hanana ny hery hampianatra ireo izay tsy mbola mpikamban'ny Fiangonana. Ny mpikamban'ny Fiangonana dia natao hanana hery hikaroka ireo izay nomanin'ny Tompo mba hampianarin'ireo misiônera.

Mila mampiasa ny finoantsika isika fa ny Tompo dia nanomana ireo olona manodidina antsika mba hampianarina. Fantany izy ireo ary fantany ny fotoana mahavonona azy ireo, ary afaka mitarika antsika any amin'izy ireo Izy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ary afaka manome antsika ireo teny hanasana azy ireo mba hampianarina. Ilay fampanantenana nomen'ny Tompo ny misiônera iray tamin'ny taona 1832 ihany no fampanantenana omeny antsika koa ao anatin'ilay andraikitsika hikaroka ireo olona vonona hampianarin'ny misiônera: "Hirahiko ho eo aminy ny Mpampionona izay hampianatra azy ny fahamarinana sy ny lalana izay hizorany, Ary raha mahatoky izy dia hosatrohako amboara indray" (F&F 79:2–3).

Ary dia ho azontsika mpikambana mahatoky izay manolotra ny fontsika amin'ny fanaovana asa fitoriana ihany koa ilay fampanantenana fifaliana lehibe ho an' izay misiônera mahatoky:

"Ary ankehitriny, raha lehibe ny fifalianareo miaraka amin'ny fanahy iray izay nentinareo ho Ahy ho ao amin'ny fanjakan'ny Raiko, akory ny ho halehiben'ny fifalianareo raha mitondra fanahy maro ho Ahy!"

"Indro, manana ny filazantsarako sy ny vatolampiko ary ny famonjeko eo anoloanareo ianareo.

"Angataho amin' ny anarako ny Ray, amin'ny finoana rehefa mino fa handray ianareo, dia hanana ny Fanahy Masina ianareo, izay maneho ny zavatra rehetra ilain' ny zanak' olombelona" (F&F 18:16–18).

Ankoatry ny Fanahy Masina izay manampy antsika hahafantatra sy hanasa ireo izay vonona ny hampianarina, dia niantso sy nanofana mpitarika ny Tompo mba hitarika antsika. Tao anatin'ny taratasy iray nosoratana tamin'ny 28 Febroary 2002, dia nampitomboin' ny Fiadidiana Voalohany ny andraikitra momba ny asa fitoriana napetraka teo amin'ny eveka sy ny paroasy.[1] Miaraka amin'ny fanampian'ny filankevitry ny paroasy na sampana, ny kaomity mpanatanteraky ny fisoronana dia manao drafitra momba ny asa fitoriana ho an'ilay vondrona. Ao anatin'izany drafitra izany no ahitana sosokevitra momba ny fomba ahafahan'ireo mpikambana mahita ireo izay vonona hampianarin'ireo misiônera. Misy olona iray antsoina ho mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy na sampana. Io mpitarika ny asa fitoriana io dia mifandray akaiky amin'ny misiônera amin'ny fotoana feno sy ireo olona ampianarin'izy ireo.

Maro ireo fomba ahafahanao manatanteraka tsara kokoa ny andraikitrao manokana hanampy eo amin'ny fitadiavana olona mba hampianarin'ny misiônera. Ny fomba tsotra indrindra no tsara indrindra.

Mivavaha mba hotarihin'ny Fanahy Masina. Miresaha amin'ireo mpitondra sy ireo misiônera eo an-toerana, mangataha ny sosokevitra avy amin'izy ireo ary ampanantenao fa hitondra fanampiana ianao. Amporisiho ireo izay miara-miasa aminao ao amin'ity asa ity. Ary aoka ianao ho vavolombelona amin'ny fotoana rehetra eo amin'ny zavatra lazainao sy ataonao, fa i Jesoa no Kristy ary Andriamanitra dia mamaly vavaka.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Fanahy Masina dia hitarika anao ho any amin'ireo izay mikatsaka ny fahamarinana rehefa mivavaka sy miasa ho amin'izany fitarihana izany ianao. Ary fantatro avy amin'ny zavatra niainako fa haharitra tokoa ny hafalianao miaraka amin'ireo izay nisafidy ny handray ny filazantsara ao am-pon'izy ireo ary haharitra ao anatin'ny finoana.

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "News of the Church: Ward and Branch Missionary Work Emphasized," *Liahona,* Aog. 2002, 4.

**FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY**

- Ny *L'enseignement, Pas de plus grand appel* dia nanoro lalana antsika mba hamporisika ireo izay ampianarintsika hametraka tanjona mba hanampy azy ireo hiaina ny fitsipika nianaran'izy ireo (jereo pejy 159). Tadiavo miaraka amin'ilay fianakaviana ireo fitahiana avy amin'ny asa fitoriana izay nolazain'ny Filoha Eyring ary raha taomin'ny Fanahy ianao, dia asao ny fianakaviana hametraka tanjona momba ny fizarana ny filazantsara.
- Mifanakaloza hevitra miaraka amin'ilay fianakaviana momba ny fomba hizarana ny filazantsara, ka tadidio ny torohevitry ny Filoha Eyring manao hoe "Ny fomba tsotra indrindra no tsara indrindra." Ho fampahalalana bebe kokoa momba ny hoe fifanakalozan-kevitra dia jereo ao amin'ny *L'enseignement, pas de plus grand appel,* pejy 160.

## HO AN'NY TANORA

### Ireo Misiônera Maro teo amin'ny Fiainako

**Nataon'i Elizabeth S. Stiles**

Tamin'ilay Alahady voalohany niarahako niangona tamin'ny misiônera, dia nahafantatra olona niara-lehibe tamiko sy nifankafantatra tamiko teo anivon'ny fiaraha-monina aho. Hitako tao ny iray amin'ireo namako be tany an-tsekoly, ny mpitantsoratra tany amin'ny sekoly fanabeazana fototra sy tany amin'ny ambaratonga faharoa, tovovavy iray izay tsy nanehoako hatsaram-panahy loatra taloha, ary na dia ilay zatovolahy nahataratara ahy fahiny aza dia hitako tao ihany koa.

Ny tsirairay tamin'ireo olona ireo dia nampisy fiantraikany maharitra tamiko avokoa Ilay namako be dia zatovovavy tena nandala ny fahamarinana tokoa, ary noho izy dia nisafidy ny hanohy hanadihady bebe kokoa momba ny Fiangonana aho. Ireo mpitantsoratra tany an-tsekoly izay nahatadidy ahy dia nanampy ahy hahafantatra fa manandanja aho. Nianatra momba ny fitiavana sy ny fiantrana araka an'Andriamanitra aho avy tamin'ilay zatovovavy izay nandray ahy na dia teo aza ny toetra tsy tena tsara loatra nasehoko azy fahiny. Ilay tovolahy nahatara ahy fony aho vao zatovo dia tena naneho ohatra tsara, ary tsapako ny hazavana nentiny ary niriako ny mba hanakaiky azy.

Ireo zavatra niainako ireo dia nanampy ahy hianatra fa, na dia talohan'ny nahitako voalohany ireo misiônera aza, dia efa nomanin'ny Ray any an-danitra aho handray ny filazantsara tamin'ny alalan'ireo olona izay napetrany manodidina ahy. Nianatra avy tamin'izy ireo aho fa ny zavatra kely ataontsika dia mety mitondra fiantraikany goavana. Ny zava-dehibe indrindra dia nianatra aho fa ny asa fitoriana dia miantomboka amiko.

## HO AN'NY ANKIZY

### Ny Filazantsara—Fanomezana Zaraina

Ny teny hoe *filazantsara* dia midika hoe ny fampianarana sy ny ôrdônansy rehetra nomena antsika tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny. Ny filazantsara dia tahaka ny harona kely izay feno fanomezana avy amin'ny Ray any an-danitra. Afaka manampy amin'ny fizarana ireo fanomezana ireo ho an'ny olon-kafa ianao. Iza no azonao hizarana izany fanomezan'ny filazantsara izany?

Vakio tsirairay ireto andinin-tsoratra masina ireto ary tanisao na ataovy sary ny sasany amin'ireo fanomezana ireo izay hita ao amin'ny filazantsara.

1. Jakôba 5:14–15 (ao amin'ny baiboly)
2. Mosià 16:6–7
3. 3 Nefia 18:1–10
4. F&F 20:72–73
5. (F&F 33:16).
6. F&F 89:4–18
7. F&F 132:46
8. F&F 137:10
9. F&F 138:32–34

© 2010 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta teto Madagasikara. Fankatoavana ny teny Anglisy: 6/10. Fankatoavana ny fandikana: 6/10. Fandikana ny *First Presidency Message, February 2011*. Malagasy. 09762 654

# Famerenana amin'ny Laoniny ny Zavatra rehetra

*Halalino ity hafatra ity ary raha ilaina dia ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny rahavavy izay vangianao. Ampiasao ireo fanontaniana mba hanampy anao hampatanjaka ireo rahavavy sy hahatonga ny Fikambanana Ifanampiana hanana toerana lehibe eo amin'ny fiainanao.*

**Finoana • Fianakaviana • Fanampiana**

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanorina ny Fikambanana Ifanampiana ho toy ny lafin-javatra iray tena manan-danja ao amin'ny Fiangonana. Amin'ny maha fiadidiana anay, dia manantena izahay fa afaka manampy anareo hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny Fikambanana Ifanampiana eo amin'ny fiainanareo.

Fantatsika fa ireo vehivavy tao amin'ny Testamenta Vaovao dia nampiseho finoana an'i Jesoa Kristy ary nandray anjara tamin'ny asany. Lioka 10:39 dia mitantara momba an'i Maria, "izay nipetraka teo anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny." Ao amin'ny Jaona 11:27 dia nijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy i Marta: "Hoy izy taminy: Eny, tompoko; mino aho fa Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra, Ilay ho tonga amin'izao tontolo izao." Ny Asan'ny Apôstôly 9:36, 39 dia miresaka momba ny "vehivavy mpianatra atao hoe: Tabita, . . . ary be ny asa soa natao [ny]. . . . ary ny mpitondratena rehetra nitsangana teo anilany . . . nampiseho ny akanjo sy lamba izay nozairi[ny]." I Foiby, ao amin'ny Romana 16:1–2, dia "diakon'ny fiangonana" sady "mpiahy ny maro."

Izany lamin'ny finoana, sy fijoroana ho vavolombelona, ary asa fanompoana izany dia nitohy ato anatin'ny Fiangonan'ny andro farany ary dia napetraka tamin'ny fomba ôfisialy tao anatin'ny rafitry ny Fikambanana Ifanampiana. Julie B. Beck, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, dia nampianatra hoe: "Tahaka ny nanasan'ny Mpamonjy an'i Marta sy i Maria tao amin'ny Testamenta Vaovao mba handray anjara amin'ny asany, dia manana andraikitra ôfisialy koa ireo vehivavy amin'ity fotoampitantanana ity mba handray anjara amin'ny asan'ny Tompo. . . . Ny fananganana ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny taona 1842 dia nampihetsika ny hery mitambatr'ireo vehivavy sy nampiseho ny andraikitra manokana sahanin'izy ireo amin'ny fananganana ny fanjakan'ny Tompo."[1]

Mahatontosa ny asantsika isika rehefa mifantoka amin'ireo tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana: hampitombo ny finoana sy ny fahamarinan'ny tena manokana, hampahatanjaka ny fianakaviana sy ny tokantrano, ary hikatsaka sy hanampy ireo izay mila fanampiana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fikambanana Ifanampiana dia naorin'ny lanitra mba hitondrana fanampiana eo amin'ny asa famonjena. Ny rahavavy tsirairay ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia mitazona andraikitra manan-danja amin'ny fanatanterahana ity asa masina ity.

***Silvia H. Allred, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany.***

### *Avy amin'ny Soratra masina*

Joela 2:28–29; Lioka 10:38–42; Efesiana 1:10

### *Avy amin'ny Tantarantsika*

Ny Rahavavy Julie B. Beck dia nampianatra hoe "fantatsika avy amin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith fa ny Fikambanana Ifanampiana dia ampahany manan-danja ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny."[2] Ny dingan'ny famerenana tamin'ny laoniny dia nanomboka tamin'ny Fahitana Voalohany tamin'ny Taona 1820 ary nitohy "andalan-tsoratra [n]anampy andalan-tsoratra, fitsipika [n]anampy fitsipika" (F&F 98:12). Tamin'ny nananganana tamin'ny fomba ôfisialy ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny 17 Martsa 1842, dia nampianarin'ny Mpaminany an'ireo vehivavy ny momba ny toerana manan-danja misy azy ireo ao amin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Hoy izy: "Tsy tafatsangana araka ilay endriny tonga lafatra velively ny Fiangonana raha tsy efa naorina ny fikambanan'ny vehivavy."[3]

**FANAMARIHANA**

1. Julie B. Beck, "Manatanteraka ny Tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana," *Liahona,* Nôv. 2008, 108.
2. Julie B. Beck, "Manatanteraka ny Tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana," 108.
3. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 451.

### *Inona no Azoko Atao?*

**1.** Fanampiana tahaka ny inona no hoentiko ho an'ireo rahavaviko amin'ity volana ity izay maneho ny finoan'ireo vehivavy mpianatr'i Jesoa Kristy?

**2.** Fampianarana inona ao amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny no hohalaliniko mba hanamafisan'orina ny fijoroako ho vavolombelona amin'ity taona ity?

Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia mitsidiha ny www.reliefsociety.lds.org.

© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta teto Madagasikara. Fankatoavana ny teny Anglisy: 6/10. Fankatoavana ny fandikana: 6/10. Fandikana ny *Visiting Teaching Message, February 2011*. Malagasy. 09762 654